Recollection Avent (17 Desambra 2017)

Ny fivoaram-pianana

Mahakasika ny olona manontolo: mahakasika ny ara-tsaina, ara-batana, ara-panahy, araka ny taratasy nalefan'ny Eveka: lasa nikororosy fahana ny fiainan'ny malagasy

Nefa tokony hisondrotra hatrany ny fari-piainana, nefa maninona no izao ny zava-misy eo amin'ny fiainantsika.

Mizara 4 lehibe ny fifampizarana:

1- **Ny fanabeazana no fototra ary isika RAD sy tanora dia voakasik'izany**
2- **Ny olona môdely araka ny Soratra Masina: Salômôna**
3- **Ny fivoaram-pivelomana, voalazan'ny Soratra Masina**
4- **Ny fivoarana ara-panahy**

I. <u>NY FANABEZANA: fototra amin'ny fivoarana maha-olona</u>

Araka ny mana-pahaizana, ny tanjona dia: hananana fivoarana, fahaizana ara-tsaina, fivoarana ara-batana, ara-teknika sy ara-panahy

Hoy i *Pierre bachok* hoe: "atao hampitana fahalalana sy fahaizana hanamboarana ny ho avy, fampitana fomba fisainana sy fomba fiaina; ary miankina amin'ny RAD sy ny fitondra-tena ny fanabeazana."

Hoy kosa i *Margarette Peters* (Conférence miaraka tamin'ny Eveka): zava-misy eo amin'izao tontolo izao: ny fivoarana tandrefana aparitaka aty amin'ny tany mahantra mba hanapotehena ny fomba fisaina, ny fanabeazana ara-pinoana, moral. (Ohatra: homosexualité)

Levitika 18, 20 : mahatonga an'Andriamanitra hamongotra ny firenena iray ny fiarahan'ny samy lahy na ny samy vavy

« Théorie du genre »: vehivavy te ho lahy, na lahy te ho vavy. Manomboka mahazo faka ary aparitaka.

Ireny zavatra ireny no mamolavola ny toe-tsain'ny tanora sy ny ankizy, ka tsy maintsy matanjaka ny fanabezanantsika, ary tsy tokony hanaiky ho viraviraina.

Any amin'ny tandrefana dia esorina ao am fiteny ny hoe RAD (parents) fa atao hoe mpiteraka (géniteurs)

Ny RAD tsy hiaraka foana amin'ny zanany, ka ny RAD izay mikenakena ny zaza, tsy manome raharaha sns, dia tsy mahay mitaiza satria ireny no fianarana ny asa any an-tokantrano. Avelao ny ankizy hizaka tena na dia misy zavatra mafy hiaretana aza ao.

Eo amin'ny sehatry ny fanabeazana, ny atao hoe Ray aman-dReny sy mpanabe tena izy dia izay mahatonga ny tanora sy ny ankizy hahazaka tena avy eo. Raha sanatria miankin-doha ny zaza dia tsy mety izay. Mivoaka ny Lalàna amin'izao fotoana izao hoe tsy azo kapohana ny ankizy, saingy ao amin'ny Soratra Masina miverina in-5 ny hoe "zaza tiana tsy hitsitsiana rotsa-kazo".

Ny fahendrena dia "UNIVERSEL", ary ny fahendrena malagasy dia hita ao aminy'ny Baiboly FAHENDRENA.

Zaro amin'ny lalana tena izy ny ankizy.

Ohab 29, 15: Raha tiana hivoatra ny olona iray na ny olona iray dia tsy maintsy matanjaka ny fanabeazana, ary mifototra amin'ny Soratra Masina sy ny kolo-tsaina eo an-toerana.

Ohab 13, 24 : "tsy tia anaka izay mitsitsy ny tsora-kazony, fa ny tia azy kosa mamay azy mba halaky"

Ohab 23, 13. Rehefa manao zavatra tsy mety ny ankizy dia mila ahitsy raha tsy izany dia mipetraka ho fahazarana ao aminy iny. Tsy maintsy bedesina sy ahitsy raha manao hadalana ny zaza. Tsy misy RAD ho faly raha sanatria tsy tafita ny zanany: tsy maintsy mandray fepetra izy raha misy zavatra tsy mety.

Ny tanjona dia ny mba aha-olom-banona ny ankizy, tsy misy RAD hanolo-bato mafana ny zanany hoy ny ao amin'ny Ohab 1, 1-2:

Ny firenena rehetra tany am-piandohana dia tamin'ny alalan'ny ohabolana no nanabeazana ny olona, ny tanjona dia ahazoana fahendrena sy fahaizana.

Ny atao hoe fahendrena : HOKMA (Hakam = olon-kendry)

1- **Fahaiza-manao** (savoir-faire) . Tsy resaka fitondra-tena io fa olona kinga amin'ny asa ataony. Ka ny tena mpanabe dia izay mahay mijery ny tokony ataon'ny zanany. Mety mitranga ao anaty tokantrano izao ny hoe ny zaza voalohany marani-tsaina be sns, fa ny mpiray tampo kosa tsy dia havanana loatra am fianarana fa amin'ny teknika sy bricolaje, ohatra…. Ny adidin'ny RAD dia ny mitady ny lalana tena tokony hizoran'ny zanany, ary iny no anosehana azy hatrami'ny farany. Mahay manala ny zavatra tokony hiala mba hahatafavoaka. Ny RAD dia mijery ny zavatra rehetra tokony hatao mba hahatonga ny olona iray ho havanana amin'ny zavatra ataony. Eksaody 35, 25/ Jeremy 10, 9 : bezaina ny ankizy ho havanana amin'ny zavatra ataony. I Mpanjaka 7,14: hakingan'ny zaza, manam-pahaizana, havanana.

2- **Mpitondra afaka mijery izay mahasoa ny vahoaka ka manao zava-dehibe ho azy ireo**, tsy manao am-pihi-mamba. Ohatra i HITLER (autrichien), tian'ny Allemand izy satria izy no nanao ny "autoroute" tao Allemagne, nanao zava-dehibe izy ka nisondrotra hatrany ny fireneny. Tamin'ny andro maneran-tany ho an'ny ankizy tany Morodava, ny toriteny nataon'ny Nonce dia ny hoe: "Aoka ianareo ho sakaizan'I Jesoa ; amin'izay rehefa any aoriana ianareo dia mipetraka foana hoe sakaizan'i Jesoa". Dieny mbola kely ny ankizy dia zarina hijery ny manodidina azy.

Ny tsy fijerena ny hafa no heloka farak'izay ratsy indrindra ka nahatonga ilay mpanan-karena nalefa avy hatrany any amin'ny afobe, amin'ny tantaran'i Lazara sy ilay mpanan-karena. I Md Lioka dia dokotera, fantany fa ny roran'alika dia mahasitrana fery. Ny mpanan-karena tsy nijery ilay mahantra fa ilay alika kosa nilelaka ny feriny, nangoraka azy. Izany hoe: ilay alika aza mbola tsara fo kokoa noho ilay mpanan-karena. Ny atao hoe famindram-po dia fangorahana raha mahita olona mampalahelo.
Ao amin'ny bokin'i Tobia: "Ny fangorahana ny mahantra dia manala fahotana". Ampianarina amin'ny fihetsika izay atao ny ankizy mba hahatsapa ny zavatra na olona manodidina azy.

3- **Mahay mitondra tena amin'ny fotoana mahamety azy**. Mahay mametraka ny tena araka ny toerana tokony hisy azy. Lanjalanjaina hoe ho an'iza ity zavatra ataoko ity.

Ny tanjon'ny fanabeazana dia ny hahatonga ny olona iray hahaleo tena: hanana fahaizana sy fahalalana hiatrika ny fiainana, hahay mangoraka ny manodidina azy (tsy manao vain-drahalahy tsy maharary), mahay mandanjalanaja ny zava-misy.

Ny RAD dia mila fanabeazana. Ny fahendrena dia azo amin'ny fandinihana ny zava-misy, azo amin'ny fihetsika atao: "ny teny manaitra fa ny atao mahasarika". Izay fahazarana mahazatra anao no iainanao: ny entim-belona no enti-maty. Rehefa manabe dia ny RAD no modely voalohany ho an'ny zaza.

Ny fanabeazana dia miankina amin'ny RAD, ohatra azo tsapain-tanana i Masina Maria sy i Md Josefa . Voalaza ao amin'ny Lioka 2, 41-52 ny fanabeazana an'i Jesoa: fandehanana isan-taona any Jerosalema manao fety/pelerinazy.

Ho an'ny Jody, vao teraka 08 andro ny zaza dia foraina. Iny famorana iny no mampiditra azy ao anatin'ny fianakaviam-ben'ny mpino Jody. Ary ny raim-pianakaviana no mampianatra finoana io zaza io. Rehefa feno 12 taona ny zaza dia manao "communion solennelle" mankany Jerosalema.

Adidin'ny RAD ny mampianatra finoana io zaza io: mampianatra katesizy sns… zarina hatahotra an'Andriamanitra ny ankizy. Ny zavatra rehefa hanazarana ny ankizy hatramin'ny faha-12 taona tsinona dia tena mipetraka ao anatiny.

Eto ny nataon'i Masina Maria sy Md Josefa dia tena modely mihitsy. Jesoa very iray andro vao nitady azy izy ireo,izany dia midika fa nanana FAHATOKISANA an'i Jesoa izy ireo. Teto dia niaraka izy mivady nitady azy: izy ireo no TOMPON'ANDRAIKITRA ny zanany. Tsy tonga dia tezitra i Masina Maria rehefa nahita azy, fa nanontany tsara aloha. Hoy izy: "Anaka, nahoana ianao no nanao izao taminay?" Mila fantarina aloha ny antony nanaovany an'io zavatra io. Avy eo lazaina azy ny akon'iny zavatra iny any aminao.

Zavatra tsy ampy firy amintsika ny "marque d'attention positive / compliments" na ny DOKA, nefa izany no tena mahatonga ny ankizy hazoto hanao izany, tahaka ny vavaka.

Ankoatra ireo voalaza ireo, ny tanjon'ny fanabeazana dia ny hahatonga ny olona iray hahaleo tena sy ho olona irin'olona fa tsy haniry olona: olom-banona.

FAHENDRENA = fitondra-tena ara-**moraly** sy ara-**pinoana**. Olo-kendry izay matahotra an'Andriamanitra.

- ⇨ Ohab 1, 7 sy Ohab 15;35
- ⇨ Ny mamatotra ny fitondra-tenan'ny olona ankehitriny dia ny fijerin'izao tontolo izao sy ny manodidina. Raha tsy hitan'ny olona dia tsy meloka ianao : foana ao anatin'ny sain'ny olona ny atao hoe "CONSCIENCE" na ny feon'ny fieritreretana, ary io no zava-misy mamono ny firenentsika. Siraka 23,19 : " ny mason'ny olombelona no ahatahorany, tsy fantany manko fa ny mason' Andriamanitra dian mamirapiratra in'arivo heny ka mahita ny zavatra rehetra"
- ⇨ Isika dia tokony ho olona matahotra an' Andriamanitra, mila mitsinjo.

Ny fanabeazana izay fototra, raha toa ka te hivoatra ny olona iray dia tsy maintsy mandalo fanabeazana sy fampianarana. Miankina amintsika RAD, tanora. Tsy miankina amin'ny fahaizana amam-pahalalana ny fanabeazana.

II. NY OLONA MODELY: I SALOMONA

I Salômôna dia sady modely amin'ny fahendrena tamin'ny fahatanorana, no tena adala teo amin'ny fahanterany (1000 ny isan'ny vadiny).

« La valeur n'attend pas le nombre d'années ». Mijoroa amin'ny maha-izy anao. Aoka tsy hisy hanamavo anao noho ny fahatanoranao fa aoka ho modely ho an'ny mpino ianao.

Tsy misy olon-kendry mihoatra an'i Salômôna, hoy ny Baiboly. I Jesoa irery ihany no hendry noho Salômôna

II Tantara 9, 3.4 : "Miaiky azy daholo ny olona amin'ny fahendrena sy ny zavatra tenenina".

Ny olona iray dia mivoatra amin'ny maha-olona azy raha voalanjalanja ny teny ataony.

Hoy ny Ntaolo: "Avadiho im-pito aloha ny lela vao miteny".

Iray ihany ny vava ka iny no sady midera an' Andriamanitra no manozona, kanefa tsy hisy loharano iray ka sady mamoaka rano mangidy no mamoaka rano mamy.

Ho anareo ankizy sy tanora, raha toa isika ka kristianina manana ny maha-izy antsika sy mendrika dia tsy miteniteny foana izany.

Ny varavarana mikatona mora vahaina, ary ny teny natao mora tsiahivina: mila lanjalanjaina ny teny.

Tokony ho mendrika amin'ny teny atao sy ny zavatra atao ary amin'ny fitafiana ny tanora.

Arakan y ao amin'ny II Tantara 9, 3.4: ny Fahendrena dia hita taratra amin'ny trano onenana. Na dia trano kely aza dia alamina araka ny tokony ho izy, mirindra tsara.

Misy olona tsy mahazo, tsy mandray ny fanabeazana ary hita eto Madagasikara izany.

Ny olona mandala fanabeazana dia feno ny maha-olona azy: ara-tsaina, ara-batana, ara-panahy.

Tanjon'ny Diosezy ny fampivoarana: ara-tsaina, ara-batana, ara-panahy

III. NY FIVOARANA ARA-PIVELOMANA:

Tsy sitrak' Andriamanitra hahantra ny olombelona satria ny toerana nametrahany antsika dia tao amin'ny toerana ampy hivelomany tanteraka : Paradisa.

1- Ny asa fivelomana:

Mila mivoatra hatrany ny asa fiveloman'ny olombelona hoy ny voalaza ao amin'ny Jen 2. Ntaolo nilaza hoe: "Ny adala no toa an-drainy."

Ny asan'i Kaina dia mpamboly (Jen 4,2), mpiasa tany.

I Abela kosa dia mpiompy (Jen 4,2).

Izany dia midika hoe efa nivoatra ho an'ny fiompiana fa tsy amin'ny fambolena intsony.

I Kaina niteraka an'i Enoka dia mpanamboatra tanàna (Architecte) no asany (Jen 4,17)

Enoka niteraka 3 lahy ka ny asan'ireo zanany ireo dia:

- Ada nanana toerana fiompiana goavana be (Jen 4,20)
- Ny iray lasa mpanakanto: mpitsoka sodina sy mpandihy
- Ny iray hafa kosa lasa mpanefy, efa nampiasa vy.

Lanja miakatra ny fiainana koa noho izany dia tsy maintsy atao izay ahatafita.

2- Miala Amin'ny Toe-Tsaina Mangata-Dava:

Miezaka miasa araka ny tokony ho izy. Jesoa aza niasa nefa afaka nataony tsara ny hoe nanao fahagagana isaky ny misy ialiny amin'ny maha Andriamanitra azy.

Marka 6,3 "Moa tsy io ve ilay mpandrafitra zanak'i Maria sy Josefa?"

Voarakitra ao anatin'ny "Evangile apocryfe" (Evanjely tsy ao anatin'ny Tenin'Andriamanitra fa asa-soratry ny Apôstôly tamin'izany fotoana izany) ny fiainan'i Jesoa tsy voalaza ao amin'ny Baiboly.

Md Paoly dia niasa ary nanome ohatra ao amin'ny Asa Apôst 18,3.

Mila fantarina hoe inona no asa mandeha raha toa ianao ka miasa tena. Fa tsy azo atao kosa ny manararaotra olona fa heloka eo anatrehan'Andriamanitra izany. Ary matoky sy manankina ny fiainany amin' Andriamanitra ny Kristianina.

Ohab 10,22: "ny fanambinan'ny Tompo no mampanan-karena"

Jak 4,13-14

"Raha nanao no tsy nambinina ampisambory fa havan'ory" hoy ny Ntaolo.

Hoy koa ny Papa Fransoa: “Ny olona amin’izao fotoana izao dia ohatra ny tsy mahalala mangoraka intsony”

3- Sakana Amin’ny Fivoarana:

- Ny hakamoana

Ny fahavalon’ny fivoaram-pivelomana dia ny hakamoana.

- Siràka 22,1 : “ Sahala amin’ny vato feno maloto ny kamo ka akorain’ny olona rehetra …”
- Obah 6,6-11 : “makà tahaka ny vitsika ry ilay kamo”
- Ohab 12,27: “ny kamo tsy mahatono ny hazany akory”

Ny hakamoana dia hàlan’Andriamanitra.

Mila tiavina ny asan’ny tena ary mitaky fahazotoana mba hivoarany. Izay asantsika na inona na inona, rehefa ataontsika tsara dia tsara foana, tsy misy asa ratsy afa-tsy ny : mivaro-tena, mangalatra, mamono olona (Siraka 38,25-30.)

Ny zavatra iray mampalahelo amintsika malagasy ilay fananana toe-tsaina hoe: “30 andro fanjava iraiky”.Izany hoe : tsy mikaly ny tena asa fa manao kitoatoa, tsy manaja ny asa izay atao satria na misy inona na misy inona dia mitovy foana ny karama raisina ao anatin’ny 30 andro.

- Ny fialonana : ory hava-manana

IV. NY FIVOARANA ARA-PANAHY:

Isan’ny tena tokony hataontsika kristianina ny hoe tena mikatroka mihitsy eo anivon’ny Fiangonana. Eo ny resaka ara-bola, fa ny fandraisana andraikitra mihitsy no tiana hotsindriana.

Firotsahana amin’ny fandraisana andraikitra an-tsitra-po sy fandraharahana.

Olona matotra no omena andraikitra ary heverina fa hahavita izany: eo anelanelan’ny 30 sy 50 taona.

I Timoty 4,12 ; Fanisana 4,30

Taloha dia ao anatin’ny 30 taona no heverin’ny olona fa anatin’ny fahatanorana sy fahamatorana.

Fa ho antiska, raha mbola afaka mandray andraikitra na dia 90 taona aza dia mandraisa andraikitra. Marihina fa eo amin’ny resaka fandraisana andraikitra dia ilaina ny tsy mifampitsabaka. Samy manantanteraka ny andraikiny araka ny tokony ho izy.

Ireo andraikitra isan-karazany:

I Tant 23,4-5 :

- Miadidy ny raharaha ao an-tempoly : mpiservy

- Mpanoratra sy ny mpitsara :filankevitra pastoraly (Nehemia 13,10-11)
- Mpiandry varavarana : mpandamina (I Tant 15,18-23)
- Mpidera ny Tompo amin'ny zava-maneno : mpitendry (I Tant 23,5)
- Mpitarika hira : Valia (Vaomieran'ny Litorjia) sy Chorale (I Tant 16,42)
- Liturgie : LAOS (vahoaka) + ERGOM (asa)

Ny finoana izay ananantsika dia tazony mafy, ary mba saro-piaro amin'ny hasina maha-izy antsika, ny fahamendrehana

Ny fivoaram-piainana dia mahasahana ny maha-izy manontolo. Manomboka amin'ny resaka fanabeazana hahatonga ny olona hivoatra ara-tsaina, ara-batana sy ara-panahy. Sitrak' Andriamanitra hivelatra eo amin'ny fisiana manontolo.